FSP PARRUR - PArtenariat et Recherche dans le secteur RURal

Romaine RAMANANARIVO, Joselyne RAMAMONJISOA, Chantal RADIMILAHY
Mpandrindra Siantifika

# NY TANY SY NY LALÀNA MIFEHY AZY

Eric Hermann RAPARISON

Desambra 2014

© CITE
ISBN : 978-2-915064-58-2

CITE Ambatonakanga
Rue Samuel RAHAMEFY, BP 74
101 Antananarivo, Madagascar
cite@cite.mg
www.cite.mg

# Sasinteny

Ny « Collectif SYLVA TERRA » dia nahazo famatsiana tamin'ny fandaharana asa « **Promotion de la Recherche en Partenariat à Madagascar dans le secteur du Développement Rural » na « Partenariat et Recherche dans le secteur Rural » (PARRUR),** miaraka amin'ny **« Service de Coopération et d'Action Culturelle »**. Fanadihadiana momba ny fizakana sy ny fananan-tany eto Madagasikara no natao. Nisy mantsy fanovana lehibe ny lalàna mifehy ny fananan-tany eto Madagasikara (lalàna 2005-019 nivoaka 17 oktobra) tamin'ny taona 2005.

Heverina fa ilaina ny fanomezana torolalana tsotra ho an'ny sarababem-bahoaka ary ho an'ny mpiasa eo amin'ny Birao Ifotony ny Fananantany (BIF) ihany koa, mba hanamaivanana ny fahazoana ny taratasy momba izany.

Lohahevitra roa (02) lehibe no hita ato amin'ity boky kely ity.

- Ny voalohany dia mampatsiahy ny satan'ny tany misy eto Madagasikara , izay mizara telo (03):
    - Ny tanin'ny fanjakana, an'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana sy fikambanana hafa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe. Misy azo amidy amin'ireo ary misy ny tsy azo.
    - Ny tanin'olon-tsotra vita titra na tsia.
    - Ny tany fehezin'ny sata manokana.
- Ny faharoa kosa dia mampahafantatra ny karazana fandraharahana azo atao amin'ny tany. Mizara telo (03) koa ireo ary manaraka ny fitsinjarana eo ambony ihany ny famoaboasana ny torolalana tokony harahina.

Hita ato avokoa ny andinin-dalàna mifehy an'ireo voalaza ireo.

Mba hanampiana ny mpampiasa ity torolalana ity, dia nasiana tovana miendrika tabilao mampiseho ireo dingana ilaina amin'ny fananan-tany.

Irariana ny be sy ny maro mba hahita vokatsoa avy amin'ity boky ity, izay natao mba hanampy amin'ny famahana ny olana marobe mitranga momba ny adin-tany, isan'ny tena manimba tokoa ny fiarahamonina amin'izao fotoana izao.

Josélyne RAMAMONJISOA
Tompon'andraikitra Collectif SYLVA TERRA

# Fanoroan-takila

Sasinteny ... i

Fanoroan-takila ... ii

Teny fampidirana ... 1

Ny satan'ny tany misy eto Madagasikara ... 1

Ny tanin'ny Fanjakana, an'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana sy fikambanana hafa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe ... 2

Ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy ... 2

Ny tanin'ny Fanjakana azo amidy ... 3

Ny tanin'olon-tsotra ... 3

Ny tanin'olon-tsotra vita titra (Propriété privée titrée) ... 3

Ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra ... 4

Ny tany fehezin'ny sata manokana ... 4

Ny karazana fandraharahana azo atao amin'ny tany ... 5

Ny fandraharahana mikasika ny tanin'ny Fanjakana, an'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana sy fikambanana hafa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe. ... 5

Ny fandraharahana ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy (domaine public) ... 5

Ny fandraharahana ny tanin'ny Fanjakana azo amidy sy azon'olon-tokana angatahana (domaine privé) 5

Ny afaka mahazo ny tanin'ny Fanjakana azo amidy ... 6

Ny karazana fandraharahana azo atao ... 6

Ny sampam-panjakana manam-pahefana ... 6

Ny manam-pahefana hanao ny fankatoavana ny fanomezana ny tanin'ny Fanjakana ... 6

Dingana arahana ahazoana ny tanin'ny Fanjakana na koa fomba ahazoana ny Titra voalohany taorian'ny fanovana ny lalanan'ny fananan-tany ... 7

Ny fandraharahana mikasika ny tanin'olon-tsotra ... 7

Ny mpandray anjara ... 8

Ny fomba fandraharahana ny tanin'olon-tsotra ... 8

Ny fandraharahana ny tany fehezin'ny sata manokana ... 9

Teny famaranana ... 9

Tovana ........ 10

Tovana I : Fangatahana tanin'ny fanjakana azo amidy raha fangatahana mitokana (*immatriculation individuelle*) ........ 10

Tovana II : Fangatahana tanin'ny fanjakana azo amidy raha fangatahana mitamba-be (*immatriculation collective na cadastre*) ........ 11

Tovana III : Paik'ady arahana hahazoana karatany eo anivon'ny birao ifoton'ny fananan-tany ........ 12

Tovana IV : Fepetra hahazoana tany natokana ho an'ny fampiasam-bola eto Madagasikara ........ 13

Momba ny fanofana tany latsaky ny 250 ha ........ 13

Dingana arahana ........ 13

Taratasy ilaina ........ 13

Momba ny tany mihoatra ny 250 ha ........ 13

Dingana arahana ........ 13

Taratasy ilaina ........ 14

Tovana V : Fanatsatoham-bato (bornage) ........ 15

Andraikitry ny Foiben'ny fandrefesan-tany ........ 15

Ireo taratasy ilaina avy any amin'ny Biraon'ny Fananan-tany ........ 15

Ireo olona tokony hanatanteraka ny asa fanatsatoham-bato ........ 15

Ny tokony hatao manoloana ny asa fandrefesan-tany sy ireo manodidina anao ........ 15

Ny fepetra raisina raha misy ny tsy fanarahan-dalàna ........ 16

Ny dingana lalovana mikasika ny tsatobato ........ 16

Ireo asa hafa azo tanterahin'ny géomètre ........ 16

Fanamarihana ........ 16

Tovana VI : Paik'ady arahana amin'ny famindram-pizakam-pananana ........ 17

# Teny fampidirana

Tsara ho fantatra fa nanomboka tamin'ny taona 2005 dia foana ny fiheverana fa tanim-panjakana daholo ny tany tsy vita titra (*présomption de domanialité*). Natao indrindra mba hampifandrindrana ny lalàna sy ny zava-misy iainan'ny vahoaka eny an-toerana ny fanafoanana io foto-kevitra io. Tamin'ny lalanan'ny fananan-tany talohan'ny taona 2005, ny tany tsy vita titra dia noheverina ho fananan'ny Fanjakana. Betsaka anefa ny tany efa nohajarian'ny olona ary maro amin'ireto farany no tsy manana titra, nefa dia mihevitra ho tompony. Izany zava-misy izany no anisan'ny namolavolana ny lalàna vaovao momba ny fananan-tany mba hahafahana mampifanandrify ny lalàna sy ny zava-misy marina iainan'ny olona eo amin'ny fiarahamonina.

Marihina fa ny tanin'olon-tsotra vita titra sy ny tany fehezin'ny sata manokana dia mbola eo an-dalana ny famolavolana ny lalàna mifehy izany.

Fitaovana iray entina manatanteraka fanapahan-kevitra politika momba ny tany ny lalàna mifehy ny fananan-tany. Voarafitr'ireto singa ireto ny politikan'ny fananan-tany : ny fomba fahazoana ny tany, ny lanjany, ny fomba fampiasana azy ary ny fomba fiarovana ny zo amin'ny tany.

Azo heverina fa mbola tsy manana politikan'ny fananan-tany mazava tsara i Madagasikara :

- Raha tamin'ny fanjanahan-tany, ny fametrahana ireo sampan-draharahan'ny fananan-tany (*Topographie, Domaine*) no anisan'ny vaindohan-draharahan'ny Frantsay nandritra ny taona voalohany nanjanahany an'i Madagasikara. Ireo anefa tamin'izany fotoana izany dia fitaovana napetraka hanatanterahana vina ara-ekonomika hitrandrahana ny tanin'i Malagasy, mba hameloma-maso ny fiharian-karenan'ny Lafrantsa renimalala.
- Hatramin'ny niverenan'ny Fahaleovantena, niompana fotsiny ihany tamin'ny fomba fiarovana ny zo ho amin'ny fananan-tany ny fanapahan-kevitra noraisina ; ireo singa voalaza tetsy aloha dia niandraiketan'ny sehatra samihafa.

Noho izany, raha tiantsika ny hisy fivoarana eo amin'ity lafiny fananan-tany ity, dia ilaina ny mamolavola politikan'ny fananan-tany, izay mifandraika amin'ny vina ekonomika mamaly ny tena filan'ny Malagasy ary manaja ireo singa mandrafitra azy.

# Ny satan'ny tany misy eto Madagasikara


Nosokajiana ho telo karazana ny satan'ny tany eto Madagasikara :

- Ny tanin'ny Fanjakana, an'ny Vondrombahoaka itsinjaram-pahefana sy fikambanana hafa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe izay mitsinjara ho roa :

- o ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy,
- o ny tanin'ny Fanjakana azo amidy.

- Ny tany an'olon-tsotra izay mitsinjara ho roa :
  - o ny tanin'olon-tsotra vita titra,
  - o ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra.
- Ny tany fehezin'ny sata manokana na tany manamorona faritra fehezin'ny fitondrana araka ny lalàna ho fiarovana manokana.

Aseho eto ambany ny satan-tany taloha sy taorian'ny taona 2005.




***Sary 1:*** *Sary mampiseho ny fiovana nisy teo amin'ny satan-tany*

## Ny tanin'ny Fanjakana, an'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana sy fikambanana hafa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe

Ireo tany ireo, antsoina koa hoe "Tanin'ny Fanjakana", dia ahitana :

- Ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy, sy
- Ny tanin'ny Fanjakana azo amidy.

***Ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy***

Ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy dia ny tanin'ny Fanjakana azon'ny olona rehetra ampiasaina fa tsy mety ho fananan'olon-tsotra, noho ny karazany na noho ny fanokanana azy nataon'ny manampahefana, hampiasaina sy hozakaina ary harovan'ny rehetra.

Ireto avy, amin'ny ankapobeny, ireo tany natao hanasoavana, hiarovana ary hampiasain'ny be sy ny maro ka tsy mety ho fananan'olon-tokana :

- ny lalana,
- ny tetezana,
- ny seranana na an'ny sambo na an'ny fiaramanidina,

- ny moron-dranomasina,
- ny renirano,
- ny farihy, ets.

Ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy dia fehezin'ny Lalàna laharana faha 2008-013 tamin'ny 23 jolay 2008 miaraka amin'ny didim-panjakana fampiharana faha 2008-1141 tamin'ny 1 desambra 2008.

**Ny tanin'ny Fanjakana azo amidy**

Ny tanin'ny Fanjakana azo amidy kosa dia natokana ho "fananana azo amidy an'ny Fanjakana, ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana ary ny fikambanana hafa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe". Ny Fanjakana dia mikirakira ny taniny toa ny olon-tsotra.

Ireto avy ny karazan-tany hita ao amin'ny tanim-panjakana azo amidy ka tsy voatokana (*domaine privé non affecté*) :

- Tany ivelan'ireo tany ampiasaina ho an'ny tombontsoan'ny daholobe,
- Ireo tany vita titra na kadasitra amin'ny anaran'ny FANJAKANA,
- Tany tsy tafiditra ao anatin'ireo tany manana sata manokana,
- Ireo tany tsy mbola vita titra na kadasitra kanefa koa tsy mbola nisy fanajariana mihitsy hatramin'ny niandohany.

Ny tanin'ny Fanjakana azo amidy dia fehezin'ny Lalàna laharana faha 2008-014 tamin'ny 23 jolay 2008 miaraka amin'ny didim-panjakana fampiharana faha 2010-233 tamin'ny 20 aprily 2010.

## Ny tanin'olon-tsotra

Ny tanin'olon-tsotra dia mitsinjara ho roa, izay ahitana :

- Ny tanin'olon-tsotra vita titra na ny tany ampiharana ny zo fitompoana ekena araka ny titra fananan-tany;
- Ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra na ny tany tanana araka ny zo fitompoana tsy voasoratra izay azo atao na ekena amin'ny alalan'ny Karatany.

***Ny tanin'olon-tsotra vita titra (Propriété privée titrée)***

Fehezin'ny fitondrana ny fananan-tany vita titra :

- Ny tany nanaovana paika arahana momba ny fanoratana tany an'olon-tokana (*immatriculation individuelle*) (Jereo ny "Tovana I) ;
- Ny tany izay nanaovana paika arahana momba ny fanoratana tany itambarana (*immatriculation collective* na *cadastre*) (Jereo ny "Tovana II).

Ny tany efa vita titra ka misoratra amin'ny anaran'olon-tsotra na fikambanana na amin'ny Fanjakana dia fehezin'ny lalàna laharana faha 2005-019 tamin'ny 17 oktobra 2005 anaovana ny feni-kevitra ankapobe mifehy ny satan'ny tany. Marihina fa eo andalam-pamolavolana ny fanitsiana ny lalàna mifehy ny tany vita titra ny mpitondra fanjakana sy ny mpahay lalàna.

***Ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra***

Faritana ho toa izao ity sokajin-tany ity : "fitambaran'ny tany, na eny an-tanan-dehibe na eny ambanivohitra, izay ampiharana ny fomba fitànana ny tany ahitana soritra ny fikarakarana ataon'olon-tsamirery na itambarana, tena marina sy hita misongadina ary maharitra, araka ny fomba fanao eo an-toerana amin'io fotoana io ary arakaraka ny tokony ho fampiasana ny tany, izay mety ho azo ekena ho toa ny zo fitompoana amin'ny alalan'ny sora-panekena momba ny fananan-tany" (And. 33 lalàna laharana 2005-019 tamin'ny 19 Oktobra 2005 manome ny feni-kevitra ankapobe mifehy ny satan'ny tany eto Madagasikara).

Ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra dia mazava araka izany fa ireo tany tsy mbola vita titra nefa efa nokarakarain'olona maharitra araka ny fomba amam-panao eo an-toerana. Ny BIF, izay sampan-draharaha eo anivon'ny Kaominina, no manome porofo manamarina ny zo fitompoana eo amin'ny satan-tany : "Tanin'olon-tsotra tsy vita titra". Karatany no anaran'izany porofo manamarina ny fizaka-manana ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra izany (Jereo ao amin'ny "Tovana III Ny paik'ady fahazoana Karatany).

Ny lalàna laharana faha 2006-031 tamin'ny 24 Novambra 2006 miaraka amin'ny didim-panjakana fampiharana faha 2007-1109 tamin'ny 24 Novambra 2006 no mifehy io karazan-tany io.

### Ny tany fehezin'ny sata manokana

Ny tany manana sata manokana na tafiditra ao amin'ny faritra fehezin'ny fitondrana manokana araka ny lalàna kosa dia miisa dimy (5) :

- Tany manamorona ny faritra voatokana ho an'ny tetikasa fampiasam-bola hamokarana,
- Tany ampiasaina amin'ny seham-pampiharana ny lalàna mikasika ny faritra arovana,
- Tany ampiasaina amin'ny fanohanana ny fampiharana ny fifanarahana natao sonia ao anatin'ny lalàna momba ny fitantanana ny loharanon-karena voajanahary,
- Tany voafaritra araka ny lalàna ho toa ny miankina amin'ny fampiharana ny zo fitrandrahana ala,
- Tany manamorona ny velaran-tany arovana ho fampiharana ny fifanarahana iraisam-pirenena nankatoavin'ny Repoblikan'i Madagasikara.

Ny lalàna laharana faha 2005-019 tamin'ny 17 Oktobra 2005 anaovana ny feni-kevitra ankapobe mifehy ny Satan'ny tany aloha no afaka andalinana azy hatreto satria mbola eo andalam-pamolavolana ny lalàna momba ny tany manana sata manokana.

# Ny karazana fandraharahana azo atao amin'ny tany

Maro ny fandraharahana azo atao amin'ny tany ary betsaka ny fitsipika tokony harahina amin'izany.

## Ny fandraharahana mikasika ny tanin'ny Fanjakana, an'ny vondrombahoaka itsinjaram-pahefana sy fikambanana hafa fehezin'ny lalàna ifampitondran'ny daholobe.

***Ny fandraharahana ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy (domaine public)***

Ny fandraharahana ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy dia miankina amin'ny Fanjakana irery ihany.

Araka ny fiantsoana azy izany « Tanim-panjakana tsy azo amidy », dia tsy azo amidy ny tany voakasika ao anatin'io satan-tany io. Tsy azo atao ho fananan'olon-tokana fa natao kosa hanasoavana ny tombontsoan'ny daholobe tsy ankanavaka. Ankoatra ny tany manamorona ny ranomasina sy ny arabe dia misy ny fanalefahana eo amin'ny fampiharana izany fitsipika izany. Misy ny ampahany amin'ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy nefa azon'ny olon-tsotra ampiasaina.

Misy fifanarahana karazany telo izany :

- Fifanarahana amin'ny fampiasana maharitra ny tanin'ny fanjakana tsy azo amidy na ny fitrandrahana ny vokatra eo aminy. Izany fifanarahana izany dia tsy mihoatra ny 30 taona ary azo havaozina.
- Ny fampiasana vonjimaika ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy mandritra ny herintaona raha be indrindra, ary azo havaozina amin'ny alalan'ny fanomezan-dalana omen'ny sampandraharam-panjakana misahana ny fananan-tany. Misy ny tamberim-bidy aloa ho tambiny amin'izany. Marihina fa azon'ny Fanjakana tapahina amin'ny fotoana rehetra io fifanarahana io ary tsy handoavana onitra.
- Misy koa ny fanomezan-dalana manokana azo omena ny olon-tsotra amin'ny fampiasana ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy amin'ny alalan'ny fitrandrahana azy na ny fiotazana ny vokatra azo avy aminy.

Marihina fa azo havadika ho tanin'ny Fanjakana azo amidy ny tanin'ny Fanjakana tsy azo amidy, raha toa ka tsy mitoetra eo aminy intsony ny maha tany natokana hampiasana azy ho an'ny tombontsoan'ny daholobe. Ohatra, azo avadika ho tanin'ny Fanjakana azo amidy ny arabe tsy nampiasaina intsony ka afaka mangataka izany ho lasa fananany manokana ny olon-tsotra.

***Ny fandraharahana ny tanin'ny Fanjakana azo amidy sy azon'olon-tokana angatahana (domaine privé)***

Ireto avy ny tanin'ny Fanjakana azo amidy na azo angatahin'olon-tsotra :

- Ny tany misoratra amin'ny Fanjakana,

- Ny tany tsy vita titra tsy vita baorina ary tsy misy fanamaintisa-molaly.

***Ny afaka mahazo ny tanin'ny Fanjakana azo amidy***

Ireto avy izany :

- Olon-tsotra, Malagasy mizaka ny zom-pirenena feno sy tanteraka (feno taona ary mbola tsy nisazy),
- Orinasa (orinasa Malagasy na vahiny),
- Fikambanana samihafa, tsy miankina amin'ny Fanjakana mizaka ny zom-pirenena Malagasy, ary Vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana.

Samihafa ny fitsipika mihatra amin'ireo mpandray anjara ireo ny amin'ny fahazoana ny tanin'ny Fanjakana ary tsy misy fetrany ny haben'ny tany azo vidin'ny rehetra.

***Ny karazana fandraharahana azo atao***

Ireto avy izany :

- *Fifampivarotana* raha Malagasy : mety ho varotra tsotra raha latsaky ny 10 ha ny tany vidina, ary varotra misy fepetra arahin'ny bokin'andraikitra kosa raha mihoatra ny 10 ha.
- *Fifanakalozana tany*.
- *Fanomezana maimaimpoana ny tany* ho an'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana (*dotation foncière*).
- *Fampanofana* mety ho an'ny teratany na ny vahiny : mety ho fampanofana tsotra (hatramin'ny 18 taona) na maharitra (18 ka hatramin'ny 99 taona).
- *Fanomezana maimaimpoana* : Ho fampirisihina ny olona hijanona na hiverina eny ambanivohitra, dia manome maimaimpoana tany fambolena hatramin'ny 10 ha ny Fanjakana ho an'ireto karazana olona ireto :
    - Mpamboly na mpiompy,
    - Mpiasam-panjakana sivily na miaramila nahavita 20 taona teo amin'ny sehatry ny asam-panjakana,
    - Ireo maintimolalin'ny sekoly fampianarana fambolena na fiompiana.

***Ny sampam-panjakana manam-pahefana***

Ireto avy ny sampam-panjakana mahefa :

- Ny Minisiteran'ny Fanajariana ny Tany sy ny Fitsinjaram-pahefana (MATD),
- Ny Sampan-draharahan'ny fananan-tany na ny Biraon'ny Faripiadidian'ny fananan-tany,
- Ny foiben'ny fandrefesan-tany.

***Ny manam-pahefana hanao ny fankatoavana ny fanomezana ny tanin'ny Fanjakana***

Samihafa ny tompon'andraikitra arakaraka ny velaran-tany araka ity tabilao manaraka ity.

| Toerana misy ilay tany | Solon-tenam-panjakana eo anivon'ny Faritra | Minisitera misahana ny Fizakan-tany |
|---|---|---|
| Tany eo anivon'ny Kaominina an-drenivohitra | Tany latsaky ny 1 000 m² | Tany mihoatra ny 1 000 m² |
| Tany eo anivon'ny Kaominina ambanivohitra | Tany latsaky ny 50 ha | Tany mihoatra ny 50 ha |

***Dingana arahana ahazoana ny tanin'ny Fanjakana na koa fomba ahazoana ny Titra voalohany taorian'ny fanovana ny lalanan'ny fananan-tany***

Ireto avy izany dingana izany.

| DINGANA | ASA ATAO | TOMPON'ANDRAIKITRA | VOKATRA ANDRASANA |
|---|---|---|---|
| 01 | - Manao fizahana<br>- Mijery ao amin'ny Sampan-draharahan'ny Fandrefesan-tany raha tanin'ny Fanjakana<br>- Mampanao sarintany manara-penitra amin'ny mpandrefy tany mati-hanina raha tsy vita titra na maka sarintany ofisialy ao amin'ny sampan-draharahan'ny Fandrefesan-tany raha efa vita titra na kadasitra<br>- Manomana ny antontan-taratasy izay tokony hisy :<br>o Fangatahana alaina eo amin'ny fari-piadidian'ny fananan-tany<br>o Sarintany efa nisy fitiliana mialoha tao amin'ny fari-piadidian'ny Fandrefesan-tany<br>o Drafitra momba ny tetik'asa kasaina hatao eo amin'ny tany raha mihoatra ny 10 ha<br>o Ny mombamomba ny orinasa raha orinasa (fototra ijoroana, fanomezam-pahefana ny mpitantana) | Mpangataka | Vonona daholo ny antontan-taratasy fangatahana |
| 02 | Fametrahana ny fangatahana eo anivon'ny fari-piadidian'ny Fananan-tany sy Fizakan-tany mahefa miaraka amin'ny fandoavana ny vola sarany. | Mpangataka sy sampan-draharaham-panjakana momba ny fananan-tany (*Domaine*) | Laharana hanarahana ny fangatahana |
| 03 | Fitsirihana | Voamiera mpitsirika, mpangataka, ny mpifanila tany | Fitanana an-tsoratra ny fitsirihana |
| 04 | Fakana ny hevitr'ireo Sampandraharaha tekinika voakasika | Sampan-draharaham-panjakana momba ny fananan-tany (*Domaine*) | Tolo-kevitra tekinika |
| 05 | Fanapahan-kevitry ny manampahefana mahakasika ny fangatahana | - Solon-tenam-panjakana eo anivon'ny Faritra raha :<br>o Tany eo anivon'ny kaominina an-drenivohitra latsaky ny 1 000 m$^2$<br>o Tany eo anivon'ny kaominina ambanivohitra latsaky ny 50 ha<br>- Minisitera misahana ny Fizakan-tany raha :<br>o Tany eo anivon'ny kaominina an-drenivohitra mihoatra ny 1 000 m$^2$<br>o Tany eo anivon'ny kaominina ambanivohitra mihoatra ny 50 ha | Fankatoavana na fandavana |
| 06 | Fanoratana ny tany ao anatin'ny Bokim-pananan-tany amin'ny anaran'ny Fanjakana | Sampan-draharaham-panjakana momba ny fananan-tany (*Domaine*) | Voasoratra amin'ny Fanjakana ny tany |
| 07 | Fanatsatoham-bato eny an-toerana sy fanaovana ny sarintany mifanaraka amin'izany | Foiben'ny fandrefesan-tany | Voafaritra ny tany ary misy ny sarintany maneho izany |
| 08 | Fandoavana ny vola fanao an-tratra | Mpangataka | Rosia nandoavana ny vola |
| 09 | - Volavolam-pifanarahana momba ny varotra tany<br>- Fankatoavana<br>- Firaiketana ny taratasim-barotra | Sampan-draharaham-panjakana momba ny fananan-tany (*Domaine*) | Fifanaraham-pivarotana voasonian'ny mpangataka nankatoavin'ny tompon'andraikitra mahefa |
| 10 | Famindrana ny tany amin'ny anaran'ny mpividy sy fanolorana ny bokin-tany | Sampan-draharaham-panjakana momba ny fananan-tany (*Domaine*) | Dika mitovy ny titra voarain'ny mpangataka |

## *Ny fandraharahana mikasika ny tanin'olon-tsotra*

Mitsinjara ho roa ny tanin'olon-tsotra, araka ny efa voalaza tetsy aloha dia ny tanin'olon-tsotra vita titra sy ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra. Marihina fa ny tanin'olon-tsotra vita titra dia ny Sampan-draharaham-panjakana misahana ny Fananan-tany (*Domaine*) no miandraikitra azy (Jereo

Tovana I sy II : Ny dingana arahana mba hahazoana Titra voalohany amin'ny tanim-panjakana). Ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra kosa dia ny Kaominina amin'ny alalan'ny BIF no miadidy ny fanomezana ny taratasy manaporofo ny mahatompony ny tany (Jereo ny Tovana III : Ny dingana arahana mba hahazoana karatany).

Raha toa moa ka efa vita Titra na Karatany ilay tany dia ny famindram-pananana no mety hihatra aminy araka ny fandraharahana izay atao (Jereo Tovana VI : Ny paik'ady arahana amin'ny famindram-pizakam-pananana).

***Ny mpandray anjara***

Ny fandraharahana ny tany an'olon-tsotra dia maneho an-tsehatra ny famindran-jon'ny olona na vondron'olona tompon'ny "karatany" na tompon'ny "titra fananan-tany" amin'ny olona iray na maromaro.

Marihina fa ny tany misoratra anaty boky fananan-tany dia tanin'olon-tsotra, izay efa nahavita ny dingana rehetra entina hiarovana ny zony amin'ny tany amin'izay endrika hafa, afaka hanasokajiana ny tany. Ny fanoratana ny tany anaty boky fananan-tany dia midika fa an'ilay olona misoratra ao anatiny ny tany. Ary ny Sampan-draharahan'ny Fikajiana ny fananan-tany no miandraikitra ny fanomezana ny tompony ny antoka momba ny tena zo ananany amin'ny tany fehezin'ny fitondrana ny fanoratana ny tany. Ho fanamarinana izany fanoratana izany dia mamoaka taratasy iray antsoina hoe "titra fananan-tany" ny "sampan-draharahan'ny fananan-tany" na mamoaka ny antsoina hoe « karatany » ny BIF eo anivon'ny kaominina. Ny tompon'ny titra na ny karatany irery ihany no manan-jo handraharaha an'io tany io.

***Ny fomba fandraharahana ny tanin'olon-tsotra***

Ny tompon'ny "titra" na ny tompon'ny "karatany" no tompon'ny tany, ary azony afindrany amin'ny olon-kafa ny zo maha tompon'ny tany. Ireto avy ny fandraharahana azo tanterahina amin'izany:

- Fifampivarotana (varotra amin'ny ambongadiny na amin'ny antsinjarany),
- Fifanakalozana,
- Fampanofana,
- Fandovana,
- Fanomezana maimaimpoana.

Marihina fa samy manana ny fitsipika mifehy azy avokoa ireo fomba famindrana zo ho tompon'ny tany an'olon-tsotra ireo. Hita fa ny tany azo avy amin'ny fandovana matetika dia mametraka olana satria maro ireo mpandova ka mila fifanarahana ny fandraharahana atao momba ny tany nolovaina raha mbola itambarana izany.

### Ny fandraharahana ny tany fehezin'ny sata manokana

Mbola eo an-dalam-panovana ireo fitsipika mifehy ity satan-tany ity ny mpahay lalàna, araka ny efa natsidika tetsy ambony.

# Teny famaranana

Niainga tamin'ny fanapahan-kevitra politika noraisin'ny fitondram-panjakana tamin'ny taona 2005 ny fanovana natao tamin'ny lalanan'ny fananan-tany. Io politika vaovaon'ny fananan-tany io dia manana tanjona fototra, dia ny mba hahafahan'ny ankamaroan'ny Malagasy manana fitoniana amin'ny fizaka-manana ny taniny. Dingana lehibe mitondra any amin'ny fampandrosoana ara-ekonomika sy ara-tsosialy ny fitoniana eo amin'ny fananan-tany, araka ny foto-kevitr'io politika vaovao io. Tsy ho tanteraka velively izany fandrosoana izany raha tsy ny ankamaroan'ny tany rehetra ao amin'ny firenena no manana taratasy manaporofo ny maha-tompony, raha ny fandinihan'ireo manampahaizana. Mba hanatanterahana izany indrindra no antony nanovana ny lalàna tamin'ny alalan'ny fanafoanana ny feni-kevitra hoe "Heverina fa an'ny Fanjakana ny tany rehetra tsy vita titra (*présomption de domanialité*)".

Nanomboka tamin'ny taona 2005 dia ny tany rehetra efa nohajarian'ny olona nefa tsy mbola vita titra dia noheverina fa izay nanajary azy no tompony. Nisy izany ny satan-tany vaovao izay neken'ny lalàna, dia ny tanin'olon-tsotra tsy vita titra. Ity satan-tany ity dia ny Kaominina amin'ny alalan'ny BIF no miantoka ny fanomezana ny taratasy manaporofo ny mahatompo. Misy sampan-draharaha roa izany misahana ny fandraharahana ny fananan-tany nanomboka tamin'io taona 2005 io ny Kaominina sy ny Sampan-draharaham-panjakana momba ny Fananan-tany. Marihina fa tsy mifaninana na mifanipaka velively ireo rafitra misahana ny fananan-tany ireo fa mifameno kosa mba hahatrarana ilay politikan'ny fananan-tany voalaza etsy ambony. Misahana ny satan-tany voasokajy ao anatin'ny tanin'olon-tsotra nefa tsy mbola vita titra ny Kaominina. Ny Sampan-draharahan'ny fananan-tany kosa dia miandraikitra ny tanin'ny Fanjakana sy ny tany efa vita titra.

# Tovana

## Tovana I : Fangatahana tanin'ny fanjakana azo amidy raha fangatahana mitokana (*immatriculation individuelle*)

| *Dingana* | *Mpikarakara* | *Ny aleha* | *Ny andrasana avy ao* |
|---|---|---|---|
| Fanangonana ireo antontan-taratasy ilaina :<br>- Baoritra fonosany (chemise d'instruction)<br>- Fangatahana (imprimé de demande)<br>- Sarintany roa misy hajia<br>- "Certificat de situation juridique", raha efa vita baorina na vita kadasitra amin'ny anaran'ny fanjakana malagasy | Mpangataka | - Eny amin'ny tany angatahina<br>- Any amin'ny mpandrefy tany<br>- CIRDOMA<br>- Tranopirintim-pirenena na ireo masoivohony | Feno ny taratasy ilaina |
| Fametrahana fangatahana eo anivon'ny sampan-draharahan'ny fananan-tany | Mpangataka | CIRDOMA | - Voaray ny fangatahana<br>- Fantatra ny laharan'ny fangatahana |
| Fanaovana fitiliana voalohany | Sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany | CIRTOPO | - Vita ny fitiliana voalohany<br>- Fantatra ambangovangony raha misy fangatahana mifanitsaka |
| Fandefasana ny fangatahana any amin'ny distrikta mba ho tsirihina | CIRDOMA | Distrikta | Voaray ao amin'ny distrikta ny fangatahana |
| Fanangonana sy fametrahana ireo taratasy ilaina amin'ny fitsirihana, any amin'ny distrikta :<br>- Fampahafantarana amin'ny peta-drindrina (Avis d'affichage)<br>- Certificat d'affichage<br>- Fitanana an-tsoratra ny fitsirihana (PV de reconnaissance)<br>- Fiantsoana ny mpangataka<br>- Fiantsoana ny manodidina | Mpangataka | - Tranompirintim-pirenena na ireo masoivohony<br>- Distrikta | Feno ny taratasy ilaina |
| Fanaovana peta-drindrina ny fangatahana (*affichage*) | Tompon'andraikitra eo amin'ny distrikta, kaominina, fokontany misy ilay tany angatahina | Biraom-panjakana | Taratasy fanamarinana fanaovana peta-drindrina |
| Fandraisana ny fanohanana | Ny mpanohitra | Distrikta | Voaray ny fanohanana amin'ilay fangatahana tany |
| Fiantsoana (*convocation*) | Distrikta<br>Mpangataka | Toerana misy ny mpangataka, manodidina, mpanohana | Voantso ireo voakasika (manodidina, mpangataka, mpanohitra, ...) |
| Fitsirihana (*reconnaissance*) | Kômity mpitsirika | Eny amin'ny tany angatahina | - PV mirakitra ny fitsirihana<br>- Fandraisana ny fanohanana<br>- Fampihavanana raha ilaina |
| Fakana ny hevitr'ireo mpandraharaha voakasiky ny fangatahana (*avis*) | - Rano sy ala<br>- Fampandrosoana ny eny ambanivohitra<br>- Asa vaventy<br>- ... | Biraom-panjakana | Voaray ny hevitr'ireo teknisianina mikasika ilay fangatahana |

| *Dingana* | *Mpikarakara* | *Ny aleha* | *Ny andrasana avy ao* |
|---|---|---|---|
| Fanaovana fitiliana faharoa | Sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany | CIRTOPO | - Filazana fa tsy misy fifanitsahana intsony ny tany<br>- Fanoratana ny refy faran'ny tany nangatahana<br>- Famenoana ireo fepetra takiana apetraka eo amin'ny sarintany<br>- Vita ny fitiliana faharoa |
| Fangalana hevitra any amin'ny tompon'andraikitra ambony | CIRDOMA | SRD na SDPF na DDSF sy Ministera misahana ny fananan-tany | Voaray ny fangatahana sady nekena ny fitohizan'izany |
| Fandoavana vidin-tany sy ny sarany (*décompte et provisions domaniales*) | Mpangataka | CIRDOMA | Fahazoana rosia nandoavana ny vola |
| Fanaovana volavolan'ny titra raha toa ka tsy nisy ny fanohanana<br>Fanasoniavan'ny mpangataka io volavolan'ny titra io | Tompon'andraikitra ao amin'ny CIRDOMA | CIRDOMA | Voasonian'ny mpangataka mialoha ny volavolan'ny karatany na TF |
| Fandefasana ny fangatahana any amin'ny tompon'andraikitra ambony sy ny Fankatoavana ny titra | Faritany na Ministera miahy ny fananan-tany | Faritany<br>Ministera | Fankatoavan'ireo tomponandraikitra ambony (PDS na Minisitra na Praiministra, miankina amin'ny haben'ny Tany) |
| Fanamboarana ny boky fananan-tany sy fandrefesana ny tany | CIRDOMA<br>CIRTOPO | CIRDOMA<br>CIRTOPO | - Voarefy ny tany ary nahavita sy voasonia ny sarintany<br>- Vita ny boky fananan-tany |
| Fahazoana bokin-tany | Mpangataka | CIRDOMA | - Azon'ny mpangataka ny boky fananan-tany (dika mitovy amin'ny titra sy ny dika mitovy amin'ny sarintany<br>- Vita sonia ny taratasy nandraisana ireo dika mitovy ireo |

## Tovana II : Fangatahana tanin'ny fanjakana azo amidy raha fangatahana mitamba-be (*immatriculation collective na cadastre*)

| *Dingana* | *Mpikarakara* | *Ny aleha* | *Ny andrasana avy ao* |
|---|---|---|---|
| Ambaratonga famaritana :<br>- Fanentanana (sensibilisation)<br>- Fanadihadiana (enquêtes)<br>- Fanatsatoham-bato (bornage) | Sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany | Eny an-toerana | - Voaray ireo milaza ho tompony<br>- Voaray ny mpanohana<br>- Vita ny tsato-bato<br>- Fantatra ireo sokajin-tany misy olana<br>- Vita ny boky mirakitra ny fivarotana mitamba-be (PVCB) [*Procès-Verbal Collectif de Bornage*] |
| Ambaratonga fitsarana : famoahana ny didy sy fandinihana ny fanohanana | Fitsarana mitety vohitra (*tribunal terrier ambulant* na TTA) | TTA | - Mivoaka ny didy<br>- Mipetraka ny fanohanana<br>- Fampihavanana |
| Ambaratonga fitsarana : famoahana ny didy raikitra | Fitsarana mitety vohitra | TTA | - Mivoaka ny didy raikitra<br>- Tsy misy intsony ny fanohanana |
| Ambaratonga ara-panjakana :<br>- fanoratana ny titra<br>- famolavolana ireo taratasim-pikajiana | Mpikajy ny fananan-tany | Birao mpikajy ny fananan-tany | - Vita ny titra<br>- Taratasim-pikajiana (*documents fonciers*) |

**Tovana III : Paik'ady arahana hahazoana karatany eo anivon'ny birao ifoton'ny fananan-tany**

| *Dingana* | *Asa atao* | *Tompon'andraikitra* | *Vokatra andrasana* |
|---|---|---|---|
| Fangatahana | - Mameno ny fangatahana izay ampiarahana aminy :<br>o ny mombamomba ny sora-piankohonana "*état civil*"<br>o ny rosia nandoavana ny sara amin'ny fanaovana ny karatany<br>o kisarisarin'ilay tany | Mpangataka<br><br>BIF | Fangatahana voaray eo anivon'ny BIF |
| Fanadihadiana ny fangatahana | - Mandrakitra ny fangatahana ao anatin'ny rejisitra<br>- Manao ny peta-drindrina mandritra ny 15 andro alohan'ny fitsirihana<br>- Mamoaka ny fanapahan-kevitra ny Ben'ny tanàna mombamomba ny daty hanaovana ny fitsirihana sy ny fiantsoana ny mpikambana amin'ny komity mpitsirika | Ben'ny tanàna<br><br>BIF | - Fanapaha-kevitra momba ny fandaminana ny fitsirihana ifotony<br>- Peta-drindrina |
| Fitsirihana | - Famaritana ifotony ny faritry ny tany angatahana<br>- Fanamarinana ny nampiasana ny tany<br>- Fandaminana ny fifanolanana mety hisy<br>- Fitanana an-tsoratra ny fizotry ny fitsirihana | Komity mpitsirika ifotony :<br><br>- Ben'ny tanàna na ny solon-tenany<br>- Sefom-pokontany na ny solon-tenany<br>- Raiamandreny 02 notendren'ny Fokonolona<br>- Ny mpiasan'ny BIF no manao ny fitanana an-tsoratra | Fitanana an-tsoratra ny fizotran'ny fitsirihana voasonian'ny mpikambana amin'ny komity misahana izany, ny mpangataka, ny mpifanila tany sy izay rehetra nanatrika ny fitsirihana:<br>- Misy ny soso-kevitry ny komity io fitanana an-tsoratra io ny amin'ny tokony hanomezana na tsia ny karatany |
| Fanoherana | - Manana zo hanohitra ny fangatahan'izay olona rehetra manana tombon-tsoa amin'izany. Roa ihany anefa ny anton'ny fanoherana eken'ny lalàna :<br>o Tany tsy vita fanajariana<br>o Tany efa vita titra na karatany<br>- Fe-potoana : ny andro nanaovana ny fangatahana ka hatramin'ny 15 andro taorian'ny fitsirihana | - Ny olon-drehetra<br>- Ny Komity mpitsirika amin'ny andron'ny fitsirihana dia afaka mandray ny fanohanana am-bava sy mandamina sy mampihavana<br>- Ny BIF dia mandray ny fanohanana an-tsoratra irery ihany ankoatra ny andro fitsirihana<br>- Ny filohan'ny filan-kevitry ny Kaominina miaraka amin'ny mpanolo-tsaina roa dia nomen'ny lalàna fahefana hitsara ny fanoherana amin'ny fangatahana karatany : mamoaka didy fandaminana izy ary afaka mampakatra eny amin'ny Fitsarana ambaratonga voalohany izay tsy afa-po ao anatin'ny 20 andro nahazoana ny fampahafantarana ny didy ifotony | Didy manaiky na mandà ny fanohanana |
| Fandavana na fanekena ny fangatahana | Mandinika ny fitanana an-tsoratra sy ny didy fanohanana raha toa ka nisy | Ben'ny tanàna<br><br>BIF | Fandavana na fanekena ny fangatahana<br>Raha toa ka fandavana dia tsy maintsy mamoaka didy fanapahan-kevitra ny Ben'ny tanàna manazava ny antony |
| Fanolorana ny Karatany | - Fanoratana ny zo amin'ny fananan-tany ao anatin'ny bokin'ny fananan-tany<br>- Fanaovana ny volavolan'ny Karatany<br>- Fanasoniavana ny bokin-tany sy ny volavolan'ny Karatany | Ben'ny tanàna<br><br>BIF | - Bokin-tany (*registre parcellaire*) voasonian'ny Ben'ny tanàna izay mandrakitra ny zon'ny mpangataka amin'ny tany izay nangatahana fitsirihana<br>- Karatany voasonian'ny Ben'ny tanàna na mifanaraka amin'izay voasoratra ao anatin'ny bokin-tany |

## Tovana IV : Fepetra hahazoana tany natokana ho an'ny fampiasam-bola eto Madagasikara

***Momba ny fanofana tany latsaky ny 250 ha***

***Dingana arahana***

- Fametrahana ny antontan-taratasy eny amin'ny Biraon'ny Faripiadidian'ny (*Circonscription*) Fananan-tany (CIRDOMA) hanaovana ny fanadihadiana ary mandoa vola antoka
- Fitsirihana ny zava-misy sy ny toetany ampanofana, aloan'ny mpangataka ny sarany
- Fandinihan'ny sampana ara-tekinika
- Fanapahana ny fepetra horaisina
- Fanaovana baorina sy fanoratana mialoha ny tany amin'ny bokim-panjakana amin'ny anaran'ny Fanjakana Malagasy - ny mpangataka no miantoka ny sarany
- Fanoratana ny volavolam-pifanarahana
- Fandoavana ny vola fanao an-tratra eny anivon'ny CIRDOMA misy ny tany
- Fankatoavana ny volavolam-pifanarahana
- Fanoratana ara-panjakana ny fifanarahana (Biraon'ny Hetra)
- Fampahafantarana ny mpangataka
- Fanoratana ny zo fanofana ary fanaovana titra manokana ho an'ny tompon-jo.

***Taratasy ilaina***

- Fangatahana atao dika roa mitovy
- Sarintany ara-dalàna roa (02) misy fanamarihana mialoha
- Drafitr'asa
- Fitsipi-pikambanana
- RCS
- Numéro d'Identification Fiscale (NIF)
- Fanomezam-pahefana
- Fonenana nofinidy eto Madagasikara.

***Momba ny tany mihoatra ny 250 ha***

***Dingana arahana***

- Fametrahana ny antontan-taratasy mikasika ny vinavina ho tanterahina eo amin'ny tany
- Fanomezana taratasy hahazoana alalana hanadihady eny an-toerana amin'ny teny malagasy sy frantsay
- Fanentanana sy fampahafantarana ny mponina ary fanadihadiana ny tany
- Famahana raha sendra misy olana
- Fanaterana ny vokatry ny fanadihadiana, sy tolokevitr'ireo manam-pahefana isan-tsokajiny any an-toerana ary ny antontan-taratasim-pangatahana any amin'ny MATD
- Raha ekena, apetraka any amin'ny CIRDOMA ny antontan-taratasim-pangatahana mba

hanomezana ny toro-lalana ary mandoa ny antoka

- Fitsirihina ny zava-misy eny amin'ny tany ary fanaovana baorina ny ambin-tany mbola malalaka izay aloan'ny mpangataka ny sarany
- Fakana hevitry ny sampana ara-tekinika
- Fakana hevitry ny manampahefana ambony
- Fandoavana ny vola fanao any amin'ny CIRDOMA misahana ny tany
- Fandrafetana sy fankatoavana ny volavolam-pifanarahana
- Firaketana ilay taratasim-pifanarahana ao amin'ny Biraon'ny Hetra
- Fampahafantarana ny mpangataka
- Fanoratana ny zo fanofàna ary fanaovana titra manokana ho an'ny tompon-jo.

***Taratasy ilaina***

- Taratasy fangatahana
- Drafitr'asa
- Sarintany ankapoben'ny faritra angatahana
- Fankatoavan'ny ministera voakasika
- Rosia ny amin'ny fahazoan-dalana avy any amin'ny tontolo iainana
- PV nataon'ny komity iraisan'ny ministera
- Naoty fankatoavan'io komity io na avy amin'ny filan-kevitry ny minisitra
- Tolokevitry ny manam-pahefana any an-toerana
- Tatitra tamin'ny fanentanana miaraka amin'ny fanamariham-pahatongavana
- Famaritana ilay toerana voakasika ary fanaovana sarintany ara-dalàna
- Fanavahana na fanohanana fangatahana teo aloha
- Fangatahana dika roa mitovy
- Sarintany ara-dalàna roa misy fanamarihana ny toerana misy ny tany araka ny sarintany ankapoben'ny faritra.

## *Tovana V : Fanatsatoham-bato (***bornage***)*

***Andraikitry ny Foiben'ny fandrefesan-tany***

- Manome torolalana ho an'ny be sy ny maro
- Mikajy sy manavao ny sarintany
- Famitana ny taratasin-tany (Sarintany : "origine", Fitsinjarana ny tany: "Coordonnée Laborde", Fikajiana ny haben'ny tany)
- Manatanteraka ny asa fandrefesan-tany
- Manaramaso sy manamarina ny asa sahanin'ny Géomètre Assermenté (G.A) sy ny Géomètre Libre Assermenté (GLA)
- Mikarakara ny asa sy manatrika ny fitsirihana
- Manatanteraka ny asan'ny mpahay sy ny andraikitra mifandraika amin'izany
- Mamantatra ny satan'ny tany.

***Ireo taratasy ilaina avy any amin'ny Biraon'ny Fananan-tany***

- Antontan-taratasy fanovana ny kadasitra ho titra
- Antontan-taratasy fizarana ny tany
- Antontan-taratasy fanakambanana ny titra
- Antontan-taratasin'ny fanatsatoham-bato mialoha raha fangatahana ny tanin'ny Fanjakana azo amidy
- Antontan-taratasy mikasika ny fanamarinana ny tsatobato ho an'ny tany efa vita baorina.

***Ireo olona tokony hanatanteraka ny asa fanatsatoham-bato***

- Ny Géomètres Libres Assermentés (GLA)
- Ny Géomètres Assermentés miasa eo anivon'ny fandrefesan-tany sy ireo tompon'andraikitra voatondro amin'izany. Marihina fa tsy maintsy mitondra badge ireo olona ireo
- Ireo mpiofana ho *Ingénieur* ao amin'ny biraon'ny fandrefesan-tany.

***Ny tokony hatao manoloana ny asa fandrefesan-tany sy ireo manodidina anao***

- Hamarino raha olona voatokana amin'izany asa izany izy.
- Hamarino ireo antontan-taratasy hanatanterahany ny asa fanatsatoham-bato.
- Raha mifanila amin'ny tany atao baorina ianao, dia mahazo fiantsoana roa (2) andro mialoha ho fampahafantarana ny asa fandrefesen-tany, avy any amin'ny Fokontany.
- Ny sefom-pokontany na ny solontenany dia tsy maintsy manatrika ny asa fanatsatoham-bato.
- Ho an'ireo géomètre na ireo mpanatontosa ny asa avy amin'ny sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany, dia azo takiana eny aminy ireo taratasy maniraka azy sy ny asa izay ho tanterahiny amin'izany.

***Ny fepetra raisina raha misy ny tsy fanarahan-dalàna***

- Mampandre haingana ny manam-pahefana mahefa mba hanajanonana ny asa izay mampiahiahy.
- Azo atao koa ny manamarina ireo mpanatontosa ny asa any amin'ny sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany.

***Ny dingana lalovana mikasika ny tsatobato***

- Mandoa ny sarany ao amin'ny caisse,
- Misafidy ny géomètre hanatontosa ny asa,
- Mamaritra ao anatin'ny sarintany ny asa hatao,
- Manatanteraka ny asa fanatsatoham-bato,
- Miandraikitra ny fanatanterahana ny antontan-taratasy rehetra ny géomètre (sarintany, fikajiana ny velaran'ny tany,…),
- Manitsy ny asa nataon'ny géomètre,
- Manamarina ny asa ny Lehiben'ny Fandrefesan-tany,
- Manatanteraka ny fanitsiana sy ny fanamarihana ny géomètre,
- Manavao ny antontan-taratasy ao amin'ny Archive,
- Manomana ny antontan-taratsy alefa any amin'ny biraon'ny fananan-tany,
- Mandefa izany ao amin'ny sekretera mpanatanteraka,
- Manao sonia ny Lehiben'ny sampan-draharaha,
- Mamerina ny antontan-taratasy any amin'ny sekretera mpanatanteraka,
- Mamerina mandefa ny antontan-taratasy any amin'ny biraon'ny fananan-tany.

***Ireo asa hafa azo tanterahin'ny géomètre***

Ireo mpandrefy tany vita fianianana dia afaka manatanteraka ireto asa manaraka ireto rehefa tafapetraka ao amin'ny sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany ny antontan-taratasy ilaina amin'izany :

- Fanamarinana ny faritry ny tany vita baorina
- Fanavaozana ny sarintany
- Fanatsatoham-bato famenony
- Fitsinjarana ny tany vita baorina
- Fanatontosana ny sarintany manara-penitra
- Fanatontosana ny fizarana ny tany vita baorina.

***Fanamarihana***

Azo atao ny manitsy ny asa fanatsatoham-bato rehefa voamarin'ny Lehiben'ny sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany ny sarintany sy ny baorina tokony hahitsy amin'izany.

Afaka manatona ny sampan-draharahan'ny fandrefesan-tany ireo mila fanazavana fanampiny.

## *Tovana VI : Paik'ady arahana amin'ny famindram-pizakam-pananana*

<table>
<tr><th>Toetry ny raharaha hodinihina</th><th>Antontan-taratasy ilaina</th><th>Fanamarinana hotanterahina</th><th>Asa hotanterahina</th></tr>
<tr><td rowspan="3">Varotra (manontolo/tsy zaraina)<br><br>Fifanakalozana<br>Fizarana<br>Fifanaraham-panofana</td><td>Taratasy fifampivarotana :<br>- natao an-trano</td><td><u>Ho an'ny taratasy fifampivarotana natao an-trano</u> :<br>- Fanaovana sonia ny taratasy natao<br>- Fanamarinan-tsonia<br>- Fandraketana ao anaty boky ny taratasy natao</td><td rowspan="3">Raha toa ka varotra manontolo/ tsy mbola nozaraina:<br>- Soratana ao amin'ny rejisitry ny zaratany mifanandrify amin'izany ny :<br>o Taratasy fifampivarotana<br>o Filazana ny nanafoanana ny karatany na titra ("titra fananantany" na TF)<br><br>- Fanaovana ny karatany na TF vaovao amin'ny anaran'ny tompony vaovao/nahazo ilay fananana. Manokatra soratra vaovao ho an'ny karatany na TF vaovao ao amin'ny rejisitry ny zaratany</td></tr>
<tr><td>- notoavina na<br>- norafetin'ny naotera</td><td><u>Ho an'ny taratasy/soratra notoavina na norafetin'ny naotera</u> :<br>- Ny mombamomba ny mpiraki-draharaham-panjakana<br>- Sonia eo ambanin'ny taratasy<br>- Fandraketana tao anaty boky ny taratasy natao</td></tr>
<tr><td>Sarintany</td><td><u>Ho an'ny sarintany</u> :<br>- Sonian'ny andaniny sy ny ankilany<br>- Fandraketana tao anaty boky</td></tr>
<tr><td rowspan="3">VAROTRA Ampahany / zaraina<br><br><br>(Ampahany)</td><td>Taratasy fifampivarotana :<br>- natao an-trano</td><td><u>Ho an'ny taratasy fifampivarotana natao an-trano</u> :<br>- Fanaovana sonia ny taratasy natao<br>- Fanamarinan-tsonia<br>- Fandraketana ao anaty boky ny taratasy natao</td><td rowspan="3">Raha toa ka varotra ampahany :<br>- Miampy ireo ambony ireo<br>- Soratana ao amin'ny rejisitry ny zaratany mifanandrify amin'izany ny :<br>o Taratasy fifampivarotana misy fanamarihana ny ampahany efa lafo<br>o Aterina ny karatany na TF natao ho an'ny tompon-tany misy ny velarana sisa tavela.<br><br>- Fanaovana ny karatany na TF vaovao amin'ny anaran'ny nividy ilay tany<br>-<br>- Manokatra karatany na TF andininy vaovao, laharana vaovao ho an'ny karatany na TF vaovao noho izany, ao amin'ny rejisitry ny zaratany<br>o Atao ny fanavahana eo amin'ny PLOF (Plan Local d'Occupation Foncière) ny zaratany vao navahana<br>o Fampanarahana toetrandro ny PLOF<br>o Omena PLOF vaovao ilay mpividy vaovao</td></tr>
<tr><td>- notoavina<br>- norafetin' ny naotera</td><td><u>Ho an'ny taratasy / soratra notoavina na norafetin'ny naotera</u> :<br>- Ny mombamomba ny mpiraki-draharaham-panjakana<br>- Sonia eo ambanin'ny taratasy<br>- Fandraketana tao anaty boky ny taratasy natao</td></tr>
<tr><td>Sarintany</td><td><u>Ho an'ny sarintany</u> :<br>- Sonian'ny andaniny sy ny ankilany<br>- Fandraketana tao anaty boky<br><br><u>Ho an'ny sarintany</u> :<br>- Fanoritana/fanavahana ny ampahany amidy miainga amin'ny PLOF<br>- Sonian'ny andaniny sy ny ankilany<br>- Fandraketana tao anaty boky</td></tr>
</table>

<table>
<tr><th>Toetry ny raharaha hodinihina</th><th>Antontan-taratasy ilaina</th><th>Fanamarinana hotanterahina</th><th>Asa hotanterahina</th></tr>
<tr><td rowspan="3">Famindram-pizakam-pananana noho ny fahafatesana</td><td>Sora-pahafatesana<br><br>Taratasy fanamarinana ny maha mpandova<br>(tsy maintsy notoavina na norafetin’ny naotera)</td><td><u>Eo amin’ny sora-pahafatesana</u> :<br>- Ny anaran’ny maty izay tokony ho ilay anarana voalaza fa tompon’ny taratasy fanamarinana fananan-tany.<br><br><u>Eo amin’ny taratasy norafetin’ny naotera</u> :<br>- Nosoratan’ny mpiraki-draharaham-panjakana<br>- Fisiana vavolombelona efatra<br>- Fanamarihana araka ny lalàna<br>- Fanamarihana ny nandraketana tao anaty boky.<br>- Sonian’ny mpiraki-draharaham-panjakana.</td><td rowspan="3">- Soratana eo amin’ny rejisitra momba ny zaran-tany mifanandrify amin’izany araka ny :<br>o Sora-pahafatesana<br>o Taratasy fanamarinana ny maha mpandova<br>o Didim-pananana<br>o Fanambarana ny maha mpandova<br><br>- Ireo anarana sy fanampin’anaran’ireo mpandova<br>- Fanoratana sy fanontana ny karatany na ny TF amin’ny anaran’ireo mpandova mifanaraka amin’ny ao amin’ny rejisitry ny zaran-tany.</td></tr>
<tr><td>Didim-pananana (raha misy)</td><td><u>Eo amin’ny didim-pananana</u> :<br>- Anaran’ny mpahazo tombontsoa/mpandova<br>- Ny laharan’ny zaran-tany namidy na natolotra.</td></tr>
<tr><td>Taratasy fanamarinana ny nandoavana ny saran’ny famindram-pizakam-pananana</td><td><u>Eo amin’ny fanambarana ny maha mpandova</u><br>- Avahana ny zaran-tany anaovana famindram-pizakana.</td></tr>
<tr><td>FANOLORANA EO AMIN’NY SAMY VELONA (manontolo na ampahany)</td><td>Taratasy fanolorana nosoratan’ny mpiraki-draharaham-panjakana<br><br>Raha fanolorana ampahany ihany<br>- Sarintany</td><td><u>Mikasika ny taratasy fanolorana</u><br>- Anarana sy ny mombamomba ilay mpiraki-draharaham-panjakana<br>- Anaran’ny mpanolotra mifanaraka tsara amin’ny ao amin’ny karatany na TF<br>- Faneken’ny mpanolotra<br><br><u>Eo amin’ny lafiny</u><br>- Fanavahana miainga amin’ny PLOF ny zaran-tany atao fanolorana misy ny sonian’ny mpanolotra sy ny tolorana.</td><td>Atao tahaka any amin’ny varotra manontolo sy/na ampahany</td></tr>
<tr><td>Lalana / Lalan-kivezivezena</td><td>Fifanarahana momba ny fahazoana lalan-kivezivezena<br>(ASSP - soratra notoavina na norafetin’ny naotera)<br><br>Sarintany ahitana fanoritana ny lalan-kivezivezena.</td><td><u>Momba ny fifanarahana</u><br>- Mitovy amin’ny taratasy fifampivarotana<br><br><u>Momba ny sarintany</u><br>- Fanoritana ny lalan-kivezivezena miainga avy amin’ny PLOF ary voasonian’ny andaniny sy ny ankilany (mpanolotra/notolorana)</td><td>- Soratana eo amin’ny rejisitry ny zaran-tanin’ilay zaran-tany voakasiky ny resaka lalan-kizorana ny fisian’izy io ary soratana eo amin’ny karatany na TF ihany koa.</td></tr>
<tr><td>Fanaovana anto-bola (Fanoratana)</td><td>- Taratasy nanatanterahana ny anto-bola<br>- Tsy maintsy amin’ny alalan’ny soratra norafetin’ny naotera.</td><td>- Mitovy amin’ny fanamarinana natao tamin’ny taratasy fifampivarotana norafetin’ny naotera</td><td>- Soratana eo amin’ny faritra natokana hanoratana ny vesatra ao amin’ny rejisitry ny zaran-tany sy ny karatany na ny TF ireo fepetra mikasika ny fifanekena tamin’ny fanaovana anto-bola (daty, tentiny, ny nindrana ny vola ka nanao antoka)</td></tr>
<tr><td>Fanaovana anto-bola (Foanana)</td><td>- Taratasy/soratra fanalana/ny fanaovana anto-bola<br>- Tsy maintsy atao amin’ny alalan’ny taratasy/soratra norafetin’ny naotera</td><td>- Mitovy amin’ny fanamarinana natao tamin’ny taratasy fifampivarotana norafetin’ny naotera</td><td>- Soratana eo amin’ny faritra natokana ho fanafoanana ireo vesatra ao amin’ny rejisitra momba ny zaran-tany sy eo amin’ny karatany na TF ireo fepetra mikasika ny taratasy/soratra fanalana/fanafoanana ny anto-bola</td></tr>
</table>

ISBN : 978-2-915064-58-2



Zaratany am-pahany amin'ny SARIn'ny zavamiSY (SARISY)
*Parcelle extraite du Plan Local d'Occupation Foncière (PLOF)*

Repoblikan'i Madagasikara
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

Faritra *(Région)* : ……………
Distrika *(District)* : ……………
Kaominina *(Commune)* : ……………
Fokontany : ……………
Tanana/Anaran'ny toerana *(Hameau/Lieu-dit)* : ……………
Saritany famaritana n° *(Plan de repérage n°)* : ……………

SPECIMEN

**KARA-TANY**
*CERTIFICAT FONCIER*

N° : ……………

**Mombamomba ny zaratany**
*Identité de la parcelle*

Zaratany n° *(Parcelle n°)* : ……………
Kaodin'ny Zaratany *(Code Parcelle)* : ……………
Velaran-tany *(Superficie)* : ……………
Ny faritry ny zaratany *(Délimitation de la Parcelle)* :
Toro-toerana *(Repères)* — Coord.
(1) : …………… X: …… Y: ……
(2) : …………… X: …… Y: ……
(3) : …………… X: …… Y: ……
(4) : …………… X: …… Y: ……
(5) : …………… X: …… Y: ……
Fomba nahazoana ny zaratany *(Mode d'acquisition de la parcelle)* : ……………
Tetik'asam-panajarina *(Projet de mise en valeur)* : ……………

**Mombamomba ny tompon-tany**
*Identité du propriétaire de la parcelle*

Anarana *(Nom)* : ……………
Fanampiny *(Prénoms)* : ……………
Kara-panondro n° *(CIN n°)* : ……………
Nomena tamin'ny *(Délivré le)* : ……/……/……
Tao *(à)* : ……………
Fonenana *(Adresse)* : ……………

**Fankatoavana**
*Validation*

Fitsirihana ifotony natao ny …… / …… / ……
*Commission de reconnaissance locale effectuée le*

Ny filohan'ny komity mpitsirika,
*Le président de la Commission,*

Ny Ben'ny tanana
Le Maire, *(Tampon sec)*

Spécimen de Certificat Foncier malgache

**Ny tompon'andraikitry ny Collectif Sylva Terra**

Josélyne RAMAMONJISOA. Professeur Titulaire. Département Géographie. Faculté des Lettres et Sciences Humaines. Université d'Antananarivo. Mpandrindra

Rivo ANDRIANIRINA RATSIALONANA. Talen'ny « Observatoire du Foncier ». Mpandrindra mpanampy

Romaine RAMANANARIVO. Professeur Titulaire. Département Agro-Management. Ecole Supérieure des Sciences Agronomiques. Université d'Antananarivo

Docteur Chantal RADIMILAHY. Talen'ny « Institut de Civilisations/Musée d'Art et d'Archéologie ». Université d'Antananarivo

Eric Hermann RAPARISON. Talen'ny « Sehatra Iombonana amin'ny Fananantany »

**Ny mpanoratra**

Eric Hermann RAPARISON. Talen'ny « Sehatra Iombonana amin'ny Fananantany ». Département Agro-Management. Ecole Supérieure des Sciences Agronomiques

CITE

Coopération franco-malgache
Liberté • Égalité • Fraternité
RÉPUBLIQUE FRANÇAISE
Fonds Solidarité Prioritaire PARRUR
PArtenariat et Recherche en milieu RURal

Ny mpanoratra irery ihany no tompon' antoka amin' izay voalaza ato anatin' ity boky kely ity.